## Ny Valosoa sy hadihady

# Mpanao hosoka tamin'ny fifidianana Mpametaveta ny Repoblika, mendrika azy ny fonja

Namoaka fanambarana ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (Ceni), fa an-tapitrisa ireo olompirenena manana laharana karapanondro, mitovy kanefa anarana samihafa (1 162 512 no isany). Mampivarahontsana izany tarehimarika izany, satria voaporofo izany fa diso avokoa sy feno hosoka ny fifidianana natao hatramin'ny fifidianana filohampirenena, nandalo tamin'ny fifidianana solombavambahoaka ary niafara tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsainan'ny tanàna farany teo. Ny gazety "Ny Valosoa vaovao" dia efa ela no nanambara ny fisian'ny hosoka, fa tamin'ity indray mitoraka ity dia, nitonotena toa lolofotsy ny Ceni, izay tsy azo tsotsorina amin'ny hoe " Ny heloka ibaboana mody rariny", fa tokony handraisana fepetra toy ny mpanao vola sandoka, izay helohina hiasa anterivozona mandra-pahafatiny, satria aoka tsy ho adinoina fa ny fifidianana no manome hasina ny Repoblika, ka izay manao hosoka amin'izany fifidianana izany dia sokajiana ho mpametaveta ny Repoblika, mendrika azy ireo ny tranomaizina, na ny fonja. Ankoatra ny Ceni dia tsy afa-miala ihany koa ny ministeran'ny atitany, satria tsikombakomba avy any ny tsy fahalavorarina teo amin'ny karapanondrom-pirenena. Antony roa no mahatonga ny hadisoana ; ny voalohany dia ny tsy fahafehezana ireo fitaovana, na "incompétences" ary ny antony faharoa dia vokatry ny saindratsy, na "mauvaise foi", kanefa ihany koa dia mety izy roa miaraka mihitsy no indray nahazo laka. Mikasika ny hoe tsy ampy ny fitaovana sy ny ho entimanana dia tsy azo eritreretina satria nitobaka ny vola niasan'ireo mpikirakira fifidianana ary nirobaroba mihitsy aza ny zareo tao.

Volambahoaka no natao fafikatrana, noho izany mitaky vokatra mazava sy asa vita amim-pahamarinana ny olompirenena mpandoa hetra, mety hisy ny hiteny hoe vola avy amin'ny mpamatsy vola avy any ivelany no nampiasaina, kanefa na izany aza dia tokony hatao an-tsaina, fa tamin'ny anaran'ny vahoaka malagasy no nanomezana azy ireny, noho izany tokony hamerimbola ireo mpikirakira fifidianana ireo, kanefa misy ny fitenin-jatovo manao hoe :" taiza no mbola nisy mpivarotena namerimbola ", izany aloha dia valinteny tsy mifanalavitra amin'ny marina, satria raha tsy mpivarotena na mpivarotra tanindrazana tokoa ve ho sahy hanosihosy ny maha- Repoblika ny Repoblika.

Fa ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorena (HCC) ihany koa, izay namoaka ny voka-pifidianana filohampirenena sy solombavambahoaka, ary ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana sy ny ara-bola dia diso ihany koa, satria rehefa ny lisi-pifidianana niaingana no tsy ara-dalàna dia tsy ara-dalàna mitovy aminy koa ny fifidianana karakaraina rehetra aminy, ka tokony ho sahy hijoro hanafoana ny voka-pifidianana feno hosoka ireo fitsarana ireo.

Ilay nambaran'Ingahy Filohan'ny HCC manao hoe "azo raisina fa tsy mitombina " dia tokony hiova hoe "raisimpotsiny " ireo mpangalatra f'eta nitonotena, ka ireo nahazo fahefana tamin'ny fifidianana feno hosoka dia tsy tokony havela" hitombina " amin'ny toerany intsony, fa ilaina esorina eo malaky ary ireo mpikirakira namoa-doza dia hamafisina hatrany, fa mendrika hanampy isa ireo lazaina ho mpanodikodim-bolampanjakana, hihinana mangahazo vao mangotra-tokana, satria ny fanaovana hosoka amin'ny fifidianana dia faratampony amin'ny fanazimbazimbana ny maha- Repoblika ny Repoblika, mendrika sazy henjana.

*Ny Valosoa*

## NY TENY FIAINANA




*II Korintiana 4:1*

*Ary amin'izany, satria manana izany fanompoana izany izahay, araka ny nahazoanay famindrampo, dia tsy kivina.*

FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA, DEPIOTE ARY BEN'NY TANÀNA

# Foana avokoa hoy ny antoko TIM



Nivory teny Faravohitra omaly hariva ny mpitarika ny antoko TIM, manoloana ny fanambarana nataon'ny avy amin'ny CENI ny herinandro lasa teo. Nisy ny fanambarana nivoaka nandritra izany, miantso ny fanafoanana ny fifidianana natao teto amintsika nanomboka tamin'ny taona 2018, ka hatramin'ny taona 2019 teo. Izany hoe takian'ny antoko TIM, tarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana, ny fanafoanana ny fifidianana Filohampirenena teto amintsika, ny fanafoanana ny fifidianana depiote ary ny fifidianana teny anivon'ny kaominina dia ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina monisipaly ary ny fifidianana mpanolotsain'ny kaominina.

*Isambilo*

ALASORA AVARADRANO

# Natolotra ny mponina ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa

Andro lehibe ho an'ny mponina ao amin'ny kaominina Alasora distrikan' Avaradrano, faritra Analamanga, ny sabotsy 29 febroary 2020 lasa teo, satria fotoana nanolorana ny ben'ny Tanàna vaovao Jimmy Randriantsoa, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo mpanolotsaina ny tanàna ary ny lefitry ny ben'ny tanàna, tao amin' ny kianja Maintso Alasora. Natomboka tamin'ny fotoambavaka lehibe notarihin'ny FFKM tao an-toerana ny fotoana tamin' izany, izay natrehin'ny solombavambahoaka voafidy tao Avaradrano, Gerry Randriambolaina, sy ny sefo distrikan'Avaradrano ary manampahefana maro sivily sy miaramila. Alasora iombonana sy maha te honina no tanjona hoy ny ben'ny Tanàna Jimmy Randriantsoa ary hiezaka izahay sy ireo mpiara-miasa rehetra hampandroso ny tanànantsika. Manome toky ny mponina ao Alasora ity farany, fa hanamora ny fanaovana taratasy izy ireo, mba hanomezana fahafahampo ny rehetra. Tsy atao ambaninjavana ny lafiny tsy fandriampahalemana, fanampiana ireo mikarakara taratasy tany, fijerena ny zokiolona sy ireo sahirana ara-pivelomana, fanatsaràna ny lafiny fampianarana, fahasalamana, ka omena maimaimpoana ho an'ny mponina ao Alasora ny fiara fitondràna marary, fanadiovana ny Tanàna, sns... Hisy ny fijerena ireo mpiara miombon'antoka avy any ivelany ahafahana manao fetik'asa maro samihafa hampandrosoana ny tanàna.



*Ny lanonana teny Alasora ny sabotsy teo.*

*Helisoa*

FOK-TIM boriboritany faha 3

# Miomana amin'ny fomba fiasa vaovao ao amin'ny antoko TIM



Vory lanona tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao Bel'Air Ampandrana ny FOK-TIM ao amin'ny boriborintany faha 3, ny faran'ny herinandro lasa teo. Tao anatin'izany no nanatanterahan'izy ireo ny fifampiarahabàna nahatratra ny taona sy nampivondronana ny FOK-TIM manerana ny fokontany ao anatin'ity boriboritany ity. Iarahana mahafantatra manomboka eto, fa misy ny tameloma-maso ny Tiako i Madagasikara, izay nampahafantarin'ny tompon'andraikitry ny antoko teny amin'ny Yandy By Pass vao tsy ela alory izay, ka nanolorana ny Sekretera jeneraly vaovao, Rina Randriamasinoro sy ny depiote Fidèle Razara Pierre, miandraikitra ny seraseran'ny antoko. Manoloana izany, nihetsika avy hatrany ny DIS-TIM sy ny depiote Feno Ralambomanana, miaraka amin'ireo ekipa mpiara miasa aminy, namory ny ao amin'ny FOK TIM, ho fanomanana amin'ny fiatrehana ny fomba fiasa vaovao ankoatra ny fifampiarahabàna tratry ny Asaramanitry ny taona vaovao.

*Helisoa*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mety tsy ho tratra mialohan'ny 26 jona ny fahavitan'ny kianjan'i Mahamasina

**Célèstine Rafanoarisoa** : noho ny aretina coronavirus, mety tsy ho tratra mialohan'ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny fahaleovantena amin'ny 26 jona 2020 ny fanamboarana ny kianja Barea, na ny kianjan'i Mahamasina.

**Charles Zafison** : 3 mois mahery tsy hahavitana ny fanitarana an'i Mahamasina io, ho afa-baraka tanteraka Rajoelina sy ny forongony satria manaonao foana, tsy mba nijery ny zava-misy na ny eto an-toerana, na ny any ivelany, izay vao manapa-kevitra, fa maika ny hampiasa ny volan'ny F FA fotsiny

**Nadia Raonimanalina** : efa fantatra fa tsy ho vita io e.... naninona no noravana... naninona raha nanangana tany am toerana hafa?

**Rado Ny Aina Andriantina** : d aiza zany no hanao matso ny jobily faha 30 taona ny tafika malagasy? D ravaina aloha izay vao mandinika angamba ka... Tena fitondrana mpanaonao foana mihitsy ity fitondrana Andry Rajoelina ity.

**Patrick Alain Rajaonarivelo** : coronavirus satria : tokony ho nanafatra main d'oeuvre chinois nefa tsy afaka hono e... efa antomotra ny fotoana, 3 volana mahery sisa, tena tsy ho vita araka ny ilana azy na ho vita aza izany fanitarana sy fanavaozana ny kianjan'Imahamasina izany.

**Fara Soavavy** :... nefa tsy tokony hisy olana raha nanao kianja vaovao @ toeran-kafa nidadasika sy milamina ary tsy miady aman'olona... RECHERCHE CERVEAUX DÉSESPÉRÉMENT. Tsy misy atidoha mba tena afaka mandinika zavatra tsara sy araka ny tokony ho izy mihitsy ve ao amin'ity fitondrana tarihan'i Andry Rajoelina ity fa zavatra ataotao fahatany foana no misy.

**Jean-Luc Razanakoto** : mampalahelo. Efa fantatra anie fa tsy ho tratra le izy nefa dia noravana ilay teo. Rana nanao vato fototra tam toerana hafa izao, na tsy notohizana aza d tsy dia nanaitra. Mahamasina mihitsy ty no hita rava eo jusque tsy hay hoe rahoviana. Fitondrana fôpla mihitsy ilay fitondrana Rajoelina!